# Ilay Voa Tsara Nafafy 14 Novambra 2018

# 14 Alarobia novambra

**Ary aoka ny manankarena tsy hirehareha amin'ny harenany ; fa izay te hirehareha dia aoka hirehareha amin'izao : dia ... ny fahalalany Ahy ..., hoy Jehovah.** Jeremia 9. 22, 23

**Aloka tokoa no fandehandehan'ny olona ; zava-poana tokoa no itabatabany.** Salamo 39. 6

**Sarintsariny**

Nahangona hajia marobe i Luc, ka faly erỳ amin'ja. Indray andro anefa dia tsikariny fa maro amin'ireo hajia tena malaza no nisy soratra bitika hoe : „fac-similé". Tsy fantany ny dikan'izany, ka somary nampanahy azy ihany io teny io. Nanontaniany ilay dadatoany, dia nanazava taminy hoe tsy misy vidiny kely akory ireo hajia tsara tarehy ireo, satria tsy tena izy fa sariny fotsiny.

Isika rehetra dia samy manangona fananana tsy misy vidiny akory. Fa inona kosa àry no tena harena ? Ny tena harena, dia izay avy amin'ny finoana an'Ariamanitra (Jakoba 2. 5).

Ny hoe manankarena, dia ny mahafantatra an'Andriamanitra, Ilay Andriamanitra Mpamonjy, sy ny manompo Azy amina toe-po, toe-tsaina, toe-panahy tsy mivadibadika. Ny hoe manankarena, dia ny manana an'i Jesosy Kristy, Ilay Zanak'Andriamanitra, ho Mpamonjy sy antom-pisiana. Izany no harena tsy mba mamitaka, izany ihany no hoentina miaraka amin'ny tena any ankoatra, izany no ilay harena takian'Andriamanitra mba hamohany ny varavaran'ny lanitra ho an'ireo manana izany. Aoka àry hodinihintsika tsara ireo harenantsika. Sao dia mba „fac-similé" fotsiny no ananantsika ? Aoka isika anio handray avy amin'Andriamanitra izay atolony antsika maimaimpoana, dia ny harenan'ny finoana, mba ho voavonjy ; mbola fotoana izao, ary maika izany.

Ambonin'izany, afaka mampitombo io harena io isika. Manazava izany Jesosy ao amin'ny fanoharana momba ilay andriandahy nametraka vola tamin'ny mpanompony, mba hahazoany tombony rehefa miverina izy (Lioka 19. 11-27). Izay vokarin'ny fahasoavan'Andriamanitra ao amin'ny fiainan'ny kristiana iray dia ho valim-pitiany koa any an-danitra, sady ho fifalian'ny Tompony.